Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

NY FAHAFAHAN'NY KRISTIANA ASEHO EO AMIN'NY ANDRAIKITRIN'NY MATANJAKA AMIN'NY MALEMY.
Ny ohatry ny fihinanana ny hena aterina amin'ny sampy.

A.- FAMPIDIRANA

- Mety tsy *d'actualité* ny fihinanana hena aterina amin'ny sampy eo amin'ny tontolo na ny Fiangonana misy antsika, saingy misy itovizany amin'ny amin'ny zava-miseho eo amin'ny FPMA ny olana aterany.
- Tsy ny fihinanana hena aterina amin'ny sampy no tena vontoatin-dresaka fa ny fifamatoran'izany amin'ny fiainan'ny kristiana ny fahafahana noraisiny noho ny fahalalana ny Filazantsara.
- Ny Epistily voalohany ho an'ny Korintiana toko faha-8-11,1 no hakana ny fampianarana, nefa dia jerena ombieny ombieny kosa araka izay ilàna azy ireo soratra hafa nalaina avy tamin'ny Epistilin'i Paoly.

B.- NY SAMPY SY NY FANOMPOAN-TSAMPY

❖ Famaritana ny atao hoe "sampy" :
- fampisehoana amin'ny fomba hita maso sy azo tsapain-tanana (*représentation matérielle*) ny andriamanitra izay tompoina.
- Ilay andriamanitra tompoina amin'ny alalan'ny sary na sarivongana na zavatra mivaingana.

❖ Ny Baiboly dia mandrara ny fanompoana "sampy" = fanompoan-tsampy :
- na sarin'Andriamanitra izany (raràn'ny Didy faharoa Eks.20,4 ; Deo.4,23-28 ; 5,8)
  Tsy azo aseho an-tsary na an-tsarivongana Andriamanitra satria Fanahy Izy ka tsy misy zavatra amin'ny voaforona afaka hampiseho Azy marina na mitovy Aminy ka azo tompoina. cf Rom.1,23-25
- na andriamanitra hafa ankoatry ny Andriamanitry ny Baiboly (raràn'ny Didy voalohany Eks.20.3)

❖ Andriamanitra dia Fanahy, ka izay mivavaka Aminy dia tsy maintsy amin'ny fanahy sy ny fahamarinana. Hoy ny bokin'ny Hebreo raha milaza ny amin'ny finoana Azy : *" Ary ny finoana no…fanehoana ny zavatra tsy hita."*

❖ **Ny mpanompo sampy dia tsy handova ny Fanjakan'Andriamanitra** (6,9-10 ; Ef.5,5 ; Ap.21,8 ; 22,15. cf 1Kor.5,10-11)
Mandosira ny fanompoa-tsampy (10,14), fa ny fanompoan-tsampy dia firaisana amin'ny demonia (10,20) ary mijangajanga izay sady miray amin'ny Tompo no miray amin'ny demonia (10,21).

D.- NY FIHINANANA NY HENA ATERINA AMIN'NY SAMPY (viande consacrée aux idoles)

❖ Tsy mpanompo sampy akory izany ireto hanoratan'i Paoly ireto.

Koa fomba ahoana no hihinanany ny hena aterina amin'ny sampy ?

1. **Eny an-tsena (*macellum*)**

   Ny teny grika ilazàna ny tsena dia *makellon* izay hivarotana ny zavatra rehetra. Fa teo amin'ny romana ny tsena (*macellum*) dia tsena manokana izay ahitana vorona tsy fahita firy (*oiseaux rares*) sy trondro ary hena izay samy lafo vidy, ka ny manana no miantsena any.

   Ny hena aterina amin'ny sampy dia hena voafantina sady nanaraka fombam-pivavahana ny famonoana azy (toy ny hena *kasher* na *halal* ankehitriny), hany ka lafo vidy, ary any amin'ny *macellum* ihany no ahitana azy, miaraka amin'ireo hena hafa koa.

   "**Hano** avokoa ny hena hamidy any amin'ny *macellum* , fa aza manontany hoe : ity ve nanaraka ny riten'ny sampy ny namonoana azy sa tsia ? *Fa an'i Jehovah ny tany rehetra sy izay rehetra eo aminy*." (10,25-26)

   Raha araka itsy ambany (2.), raha milaza aminao ilay mpivarotra hoe : hena tany amin'ny sampy ity, dia **aza mihinana** (mividy) noho ny amin'ilay olona izay niteny."

2. **Any amin'ny fanasàna.**

   "Raha misy tsy mino manasa anareo, ka ta-handeha ianareo, dia hano izay arosony eo anoloanareo, fa aza manontany akory noho ny fieritreretana (*conscience*)" (10,27)

   Fa raha lazain'ilay mpanasa anao kosa hoe : hena tany amin'ny sampy ity, dia **<u>aza mihinana</u>** :

   a) <u>noho ny amin'ilay mpanompo sampy</u>, satria heveriny fa mpiombona aminy amin'ny fanompoan-tsampy ianao. (10,28a)
   b) <u>noho ny amin'ny fieritreretan'ny olon-kafa</u> (malemy) izay mety ho tafintohina noho ny fahafantarany fa niara-nihinana hena naterina tamin'ny sampy tamin'ny mpanota ianao. (10,28b-29)

❖ **Mividy sy mihinana ho voninahitr'Andriamanitra**

" Koa amin' izany, na mihinana na misotro hianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr' Andriamanitra izany rehetra izany. Aza manao izay hahatafintohina ny Jiosy na ny jentilisa na ny fiangonan' Andriamanitra, dia tahaka ahy koa manao izay hahafinaritra ny olona rehetra amin' ny zavatra rehetra ka tsy mitady ny mahasoa ahy ihany, fa ny mahasoa ny maro mba hovonjena izy."

Ampifandraisin'i Paoly ny fanomezam-boninahitr'Andriamanitra sy ny fitadiavana izay hahasoa ny maro (*glorification de Dieu et recherche du bien communautaire*).

D.- NY MATANJAKA SY NY MALEMY EO AMIN'NY FIANGONANA

❖ Ny matanjaka dia ireo izay efa nahazo tsara ny Filazantsara, ka mino fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy Iray ary efa tonga tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy hamonjy sy hanafaka ny olona amin'ny ota sy ny fahamaizinana. Araka izany dia mihevitra izy ireo fa ny sampy dia tsy izy (*factice*) ka tsy tokony hoeritreretina akory sady tsy manana anjara na fahefana aminy, satria tsy manan-kery akory (vakio Sal.115.4-7).

❖ Tsy mpanompo sampy izy ireo, araka izany ary tsy mino ny sampy, tahaka an'i Paoly koa, saingy ny fihinanany ny hena aterina amin'ny sampy dia manafintohina sy mety handavo ny "malemy finoana", izay mbola tsy ampy fahalalana ara-pinoana (*connaissance doctrinale*) :

- Na izy mihataka amin'ny matanjaka izay ampangainy ho manompo sampy amin'izany, ka dia miteraka fizarazaràna sy fifandirana eo amin'ny Fiangonana izany.

- Na izy mba te-haka tahaka ny matanjaka, ka manjary manao *synchrétisme*. Mila fotoana manko ny fitaizana ny olona mbola tsy ampy fampianarana mandra-pahatonga ny fiorenany tsara.

Ny matanjaka.
Ny matanjaka dia ireo izay efa nandray ary nahazo tsara ny amin'ny Filazantsara sy ny vokatr'izany teo amin'ny fiainany manokana. Izy ireo dia mifandray be amin'izao tontolo izao noho ny fieritreretany fa noho ny finoana an'i Kristy dia efa olona afaka tamin'ny fieritreretana maloto (*mauvaise conscience*) izy ary mahazo toky fa manana ny zavatra rehetra (1Kor.3,21) satria nandova izany tao amin'i Kristy ary afaka manao ny zavatra rehetra.(cf. Gal.5,1 ; 5,13a)

Ny malemy.
Nentina nilazàna ireo izay mbola tsy tonga amin'ny fahalalana tsara ny Filazantsara, fa zazavao amin'ny finoana, mbola voamariky ny sampy sy izao tontolo izao nisy azy teo aloha ny fisainany, hany ka mbola marefo ny fisainany (*conscience*), mora tafintohina amin'ny zavatra kely foana, ary mety ho tratran'ny fampifangaroam-pinoana (*(syncrétisme*).
Olona mbola mila tezaina izy ireo, ary mila fotoana ny fitaizana sy ny fivoarany ao anaty fitomboana.
Mety tsy manana ny fahaizana (*faculté*) ananan'ireo efa matanjaka koa izy ireo.

<u>Ny matanjaka :</u> olona afaka nefa tompon'andraikitra amin'ny rahalahiny.
Araka ny ohatr'i Kristy (11,1) dia nanome ohatra ny tenany amin'ny maha-Apostoly azy i Paoly hampisehoany fa ny fanetren-tena sy ny fitiavana izay nahatonga azy nampandefira ny fahafahany sy ny zony no hahazoan'ny Filazantsara mandroso sy mahatratra ny olona rehetra. Araka izany dia tokony hampandefitra ny fahafahany sy ny zony ny matanjaka, ka hampiasa ny fahalalany hampandroso ny malemy fa tsy hahatafintohina azy : ***Tandremo sao verin'ny fahalalanao ny malemy*** (8,11)
Raha manimba ny fieritreretan'ny malemy toy izany ianao dia MANOTA (8,12)
Manimba ny fieritreretana # ***oikodoméo =*** *édifier*, *construire*, *mampandroso*, *manorina*.
Koa ny fahafahana (*liberté + capacité*) ananan'ny matanjaka dia tsy tokony hijereny na ampiasainy ho an'ny tenany, fa hitsinjovany ny malemy hampandroso azy, fa tsy hanimba ny fieritreretany *(izay mbola malemy)*.
Nataon'i Paoly ho mavesatra noho ny zavatra hafa rehetra ny andraikiny amin'ny malemy noho izy, ka hoy izy : *" Koa raha ny hanina no mahatafintohina ny rahalahiko, dia tsy hihinan-kena akory aho mandrakizay, fandrao mahatafintohina ny rahalahiko."* (8 ,13)

E.- NY FAHALALANA SY NY FITIAVANA

❖ **Ny fahalalana**

Niombonana teo amin'i Paoly sy ireto matanjaka ireto ny fahalalana (8,1), saingy ny fampiasana azy dia tsy nitoviany. Io fahalalana io dia mifototra amin'ny finoana an'Andriamanitra tokana sy i Jesosy Kristy izay manome ny fahafahana tamin'ny namonjeny izay mino Azy.
Io fahalalana io anefa no nitarika ny matanjaka tsy hijery afa-tsy ny tenany, hany ka nitondra fireharehana sy fihamboana (*orgueil et sentiment de supériorité*) izay nanimba ny fiombonana.
<u>Tena ilaina io fahalalana io</u>, saingy mety mitondra amin'ny fanimbàna. Indrindra fa nanao azy ho tena mahalala izy, kanefa hay tsy mahalala araka izay tokony ho fantatra akory (8,2)
Izany fahalalana tsy tanteraka izany dia manimba, na fara-fahatsarany tsy mahomby, eo amin'ny fiainanana ny fiombonana (Fiangonana, *communauté*).
Inona ary no tokony hatao ? Miezaka hahalala bebe kokoa ve ?
Tsia ! tsy miezaka hahalala bebe kokoa fa MIEZAKA MAHALALA AN'ANDRIAMANITRA !
« Fa raha misy tia an' Andriamanitra, dia izy no fantany." (8,3)

❖ **Ny fitiavana**

" Ny fahalalana mampieboebo; fa ny fitiavana no mampandroso." (8,1b)

Ny fototry ny fahafahan'ny mino dia ny fahalalana an'Andriamanitra sy Jesosy Kristy.

Mahalala = **connaître** (*naître avec*) Tsy azo ampitoviana amin'ny hoe mahafantatra **: savoir** Le savoir est une démarche intellectuelle qui nécessite la séparation du sujet pansant et de l'objet à savoir. La connaissance (dans le sens biblique du terme) conduit à l'union relationnelle entre celui qui connaît et celui qui est connu. C'est une démarche de l'esprit qui vise l'intimité. C'est pourquoi on l'utilise pour qualifier l'union dans le couple (Gen.4,1)

Ny vaha-olana amin'ny fahalalana izay mitondra amin'ny fizaràna dia ny fitiavana, izay mikendry ny daholobe. Ny Fiangonana sy ny kristiana dia oharin'i Paoly amin'ny **oikodoméi** : *édification*, *construction*. Ny verbe **oikodoméo** dia ilazàna ny asa fampiorenana sy fampandrosoana ny Fiangonana sy ny kristiana :

Rom.15,20 ; 1Kor.8,1,10 *(construction de la conscience)* ; 1Kor.10,23-24 ; 14,4,17 *(tsy mampandroso ny hafa : n'est pas constructif pour l'autre ; l'autre n'est pas édifié)* 1Tes.4,16 *(mifampahatanjaha : édifiez-vous les uns les autres)* Efe.4,16 ***"Lorsque chacun fonctionne comme il se doit, le corps entier grandit et se développe par l'amour."***

Ny fitiavana no fanafana amin'ny individualisme ateraky ny fahalalana.

Koa ilaina ny fahalalana, saingy tsy *finalité* izy fa fitaovana entina mampandroso ny hafa sy ny daholobe kosa, ary mila fitiavana ny hahatongavana amin'izany.

Fampiharana

Ny fahalalana *théologique*, *biblique*, *psychologique*, *technique*, *historique*, *juridique*, *sociologique*, *etc*... dia ilaina raha toa ka atao :

- HAHASOA fa tsy hanafintohina, na handavoana, na hanimbana ny fieritreretan'izay tsy manana na tsy ampy izany.
- HAMPANDROSO fa tsy handravana, na hanavahan-tena, na hanilihana, hampisarahana.

Izao no fanontaniana lehibe : AHOANA NO HAHAZOAN'IREO IZAY TSY MANANA IZAY ANANAKO NA TSY MAHAVITA IZAY VITAKO HITOMBO SY HANDROSO KA HAHAZO IZAY ANJARA TOKONY HO AZY AVY AMIN'ANDRIAMANITRA ?

Amin'ny alalan'ny FITIAVANA :

- Ny fitiavana tsy mirehareha, tsy mieboebo (13,4)
- Ny fitiavana tsy mitady ny azy (13,5)
- Ny fitiavana **manetry tena** ary manao ny namana ho mihoatra noho ny tenany (Fil.2.1-4)
- Ny fitiavana manao ny oikodoméi ho fototra hanorenana ny fanompoana eo amin'ny Fiangonana (10,23-24)
- Ny fitiavana manompo fa tsy tompoina (Mat.20,28)

Fehiny

"Ny zavatra rehetra azoko atao…nefa izaho tsy mety handevozin-javatra na inona na inona." (6,12) Ny fahafahan'ny zanak'Andriamanitra dia hananany fieritreretana madio fa na azony hatao avokoa ny zavatra rehetra, dia tsy baikoin'ny fahaizany na ny fahalalny izy, fa baikoin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny namana (Mat.22,37-40) ka mikatsaka hatrany izay hampandroso ny hafa sy ny daholobe ary manilika izay rehetra manimba na mandrodana, indrindra ny fieritre-retan'ny malemy.

Elysée ANDRIAMIANDRA
10 aprily 2019